NY MPITANDRINA SY NY ASA PASTORALY

Antontan'isa

Taona	*Mpandray noraisina*	*Batisa*	*mariazy*	*Nodimandry novangiana*	*Famangian'ny mpitandrina*
2009	7	5	0		
2010	3	11	1		
2011	4	2	2		
2012	2	4			
2013	1	1	1		
2014	1	1	0	NC	NC
2015	3	1	3	NC	NC
2016	9	5	NC	NC	NC
2017	6	0	NC	NC	NC
2018	2	2	2	19	30 (sept-déc)*

*Source : bokim-piangonana/gazety mpiara-dia FPMA Bordeaux/*fanadihadiana*
NC : non communiqué

Hetaheta manokana mikasika ny tokony ho asan'ny mpitandrina :

***Manatanteraka ny famangiana ireo olona mila izany* :**

- olon-tsotra mila fampaherezana
- marary na azom-pahoriana
- sampana mila fampaherezana
- ireo efa tao anatin'ny fianakavian'ny FPMA fa nisintaka

Mpitandrina afaka mampihavana

- Mamaha ny olana eo amin'ny samy mpiara-mivavaka
- Ankohonana sy Fianakaviana

Mpitandrina afaka manentana ny tanora :

- Hamonjy fanompoam-pivavahana
- Hiditra amin'ny sampana
- Hiroso bebekokoa amin'ny asam-piangonana

Mpitandrina mahafantatra ny filàn'ny Tafo

- Mifankahazo am-po amin'ny Birao, ny komity, ny mpiangona rehetra
- Tsy mampizarazara ny mpiangona hiandany aminy na tsia
- Mitandro ny firaisan'ny fiangonana tsy ho simba

Mpitandrina afaka manofana

- ny fiangonana amin’ny alalan’ny fisintahana (retraite spirituelle)
- ny fiangonana amin’ny alalan’ny fampianarana Soratra Masina mitohy
- ny tompon’andraikitra ho modely eao amin’ny Tafo
- ny tompon’andraikitra hahatana tsara ny andraikiny

Mpitandrina afaka miara-miasa amin’ny fiangonana sy ny mpiara-monina any ivelany

Hetaheta manokana mikasika ny tokony hakasitrahana ny mpitandrina

Ny Tafo FPMA Bordeaux dia manana voamiera misahana manokana ny Mpitandrina miara-miasa amin’ny Voamiera Mitrandraka Mpitandrina Matihanina nasionaly (V3M) ary miara miasa akaiky ihany koa amin’ny biraon’ny Tafo mandritra ny maha eo ny mpitandrina.

Misy alahadin’ny Mpitandrina indray mandeha isan-taona izay hanaovana rakitra manodidina ary atolotra feno ny Mpitandrina mivady.

Misy alahady iray isan-taona anaovan’ny mpitandrina eto amin’ny faritany fifanakalozana piolpitra

Ireto misy hevitra vitsivitsy mety hanatsarana ny fiainanan’ny mpitandrina sy hahasoa azy sy ny ankohonany :

- Raha misy manana trano na mahita trano eo anivon’ny fiangonana hametrahana maimaim-poana ny mpitandrina
- Tsara raha mieritreritra ny hamporisihina ny mpitandrina hanao filan-tsasatra ka iantohan’ny Tafo ny ampahany na ny manontolo amin’izany.
- ny hanomezana azy indemnité kilometrique mifanandrify amin’ny fivezivezena famangiana ataony.
- Iantohan’ny Tafo ny abonnement téléphonique sy ny internet
- Iantohan’ny tafo manontolo ny fiofanana ataony
- amporisihina ny mpiangona tsirairay hahatsiaro ny mpitondra azy amin’ny alalan’ny famangian’izy ireo ny Mpitandrina indrindra amin’ny Asaramanitra.
- Mila miezaka ny tsiraray hiaro sy hitandrina ny fiainam-pianakavian’ny mpitandrina, hanaja ny andro tsy fiasany sy fialan-tsasatra ananany
- Mpiangona Mahay mihaino izay hetahetan’ny mpitandrina